# FANGORONAN-TANY
# sy FANAOVANA AMPIHIMAMBA NY TANY ETO MADAGASIKARA
# – Ako sy porofo avy any ifotony – 2013

**Famintinana ny Tatitra**
**navoakan'ny fikambanana Re:common, SIF ary TANY**

Zava-dehibe amintsika Malagasy ny tany. Sady tanindrazana, lova navelan'ireo razambe no iankinan'ny fivelomantsika amin'ny lafiny samihafa, na mpamboly na mpiompy, na mpanjono, na mpanao taozavatra. Ary matetika ao amin'ny tanin-drazantsika tsirairay azy ao no misy ny fasana hilevenan'ireo ray aman-dreny sy havana efa lasa nodimandry.

Hiarahantsika mahalala ny fitomboan'ny adi-tany eto amin'ny firenena, na eo amin'ny samy Malagasy mpiara-monina na mpihavana, na eo amin'ny mponina hiavian'ny mpanam-bola avy any an-tanan-dehibe, na koa eo amin'ny fokonolona manontolo mifanolana amin'ny orinasa vahiny mitondre tetikasa goavana.

Ankoatry ny hasarotan'ny fiainana izay mahazaka maniraka mantsy dia nitombo be ny hasarobidin'ny tany eran'izao tontolo izao, hatramin'ny taona 2008 no mankaty noho ny fisian'ny krizy ara-bola sy ara-sakafo tany amin'ireo firenen-dehibe toa an'i Etazonia sy ny hafa. Nanomboka teo dia nikaroka tany any ivelany hambolena sakafo hamenoana ny tsy ampy ho an'ny mponina ao aminy, na hovidiana hanaovana voly samihafa ahazoam-bola na hividy tany tsy hanaovana na inona na inona fa tehirizina dia hamidy indray ao aoriana ahazoana tombony ireo fitondràna sy orinasa manam-bola. Ka ny tany afrikana sy Madagasikara no tena lasibatr'izy ireo voalohany. Noho isika manana tany midadasika, ny vidin'ny tanintsika mora miohotra amin'ny fahafaha-mividin'izy ireo, ary ny ankamaroan'ny olona eo amin'ny fitondràna aty amintsika dia vonona hivarotra na hampanofa ny tanindrazantsika amam-polotaona amin'ny mpanam-bola noho ny antony miafina tsy azo haseho masoandro ka tsy ho soratana eto.

Any amin'ny firenena rehetra anefa dia misy tantsaha, mpamboly, mpiompy sy ny hafa, monina sy mivelona eny amin'ireny tany tsiriritin'ny mpanam-bola ireny. Tanin-drazan'izy ireo matetika ary ananany zo ireo tany ireo. Ny fahaverezan'ny zon'ny mponina amin'ny tany nonenany sy nivelomany ary nampiasainy sy ny tsy fahafahan'ny mponina mahazo tombotsoa mivantana amin'ny asa ataony eo amin'ny taniny no tondroina amin'ny teny hoe "**fangoronan-tany**" na "**fanaovana ampihimamba ny tany**" (*accaparement de terre*)

Noho ny fahalalan'ireo rehetra mandray anjara amin'ny fifampiraharahana momba ny fangoronan-tany, na teratany izy na vahiny, na mpampiasa vola izy na solontenany, fa misy tantsaha sy mponina manana zo ary vonona hiaro ny taniny any amin'ny firenena sy faritra rehetra, dia matetika afenina sy tsy atao be mpahalala ny fifampiraharahana momba ny varotra na fanofàna tany, indrindra raha vahiny ilay mikasa haka ny tany.

Eto Madagasikara dia maro ireo karazana tetikasa hampiasam-bola miteraka izany fahaverezan'ny zon'ny mponina handia eo amin'ny taniny sy hampiasa azy arak'izay heveriny fa mahasoa azy izany. Misy hanaovana fambolena ireo tany midadasika alain'ny mpampiasa vola. Maro amin'ireo tetikasa fanodinana voka-pambolena eto Madagasikara no miompana indrindra amina famokarana savoa na valavelona na fary na voly hafa hanaovana solika sy angovo sy ny fanodinana fanafody avy amin'ny zava-maniry ary ny famokarana sakafo haondrana any ivelany. Vokatr'ireo tetikasa maro karazana ireo matetika dia tsy mamboly ny sakafo ho an'ny fianankaviana toy ny fanaony teo aloha ny tantsaha satria tsy masi-mandidy amin'ny taniny intsony: na voatery mifindra monina na manjary mpikaraman'ny orinasa.

Koa nanatanteraka fanadihadiana tany amin'ny faritra enina teto Madagasikara ny fikambanana italiana Re:common sy SIF – Sehatra Iombonana ho an'ny Fananantany ary TANY – Fikambanana Miaro ny Tany ho an'ny Malagasy, tamin'ny volana marsa sy avrily 2013, nanontany ny mponina sy mpamboly ary mpiompy any amin'ireo faritra ireo momba ny heviny sy ny fiantraikan'ireo tetikasa mampiasa tany midadasika ireo amin'ny fiainany mivantana. Tetikasa momba ny famokarana angovo avy amina voly toy ny jatropha, fitrandrahana harena ambanin'ny tany, fanajariana ny ala, famokarana fanafody ary fandraharahana fizahan-tany no voatsidiky ny mpiara-miasa tamin'io ary orinasa vahiny samihafa no ankabeazan'ny tompo-marika sy mampiasa vola ao amin'ireo tetikasa ireo, dia

- Italiana ao amin'ny orinasa Tozzi Green mamboly savoa (jatropha) any amin'ny faritra Ihorombe,
- Italiana ihany koa ao amin'ny orinasa Delta Jatropha Madagascar mamboly valavelona (jatropha) any amin'ny faritra Sofia
- Kanadiana, Koreana atsimo ary Japone miara-mitrandraka nickel sy cobalt ao Ambatovy faritra Alaotra Mangoro sy Atsinanana,
- Sinoa ao amin'ny orinasa Mainland Mining mitrandraka fasimainty any Analanjirofo
- Norveziana mamboly hazo sy milaza fa manajary ny ala ao amin'ny orinasa Mada Woodlands any amin'ny faritra Sofia
- Lybiana manan-tany ao amin'ny faritra Itasy nampanofa azy amin'ny orinasa Bionexx mamboly artemizia haondrana any ivelany hanamboarana odi-tazo ao amin'ny faritra Itasy.
- Nojeren'izy ireo koa ny fipetraky ny olana mikasika ny tany any Nosy Be izay manana anjara-toerana lehibe ao ny vahiny Italiana sy Frantsay ary ny hafa koa eo amin'ny fandraharahana fizahantany
- Navoaka ao amin'ny tatitra koa ny voalazan'ireo mponina amin'ny tanàna samihafa manodidina ny orinasa QMM-Rio Tinto any Tolagnaro, izay nangonin'ny fikambanana sy mpanao sarimihetsika tamin'ny taona 2009 sy 2013, ka nanomezan'izy ireo alàlana ny ampahafantarana azy, satria nisy mpiandraikitra ambony ao amin'ny Sampan-draharaha Malagasy momban'ny Fanajariana ny Tany nilaza fa io no

tetikasa tsara indrindra eto Madagasikara amin'izao fotoana izao ary satria io no orinasa fitrandrahana harena ankibon'ny tany lehibe niasa ela indrindra eto Madagasikara ka azo hanatsoahana lesona samihafa amin'ny lafiny rehetra.

Santionany amin'ireo tranga novahabahana ao amin'ny tatitra no haseho eto fa azo hangatahana amin'ny fikambanana SIF manomboka ny 15 janoary ny boky manontolo mirakitra ny tatitra.

Ny zava-nokendren'ity asa sy tatitra ity dia ny :

- Hampahafantatra ny zava-misy eto Madagasikara momba ny fomba fisehon'ny fangoronana sy fanaovana ampihimamba ny tany amin'izao fotoana izao,
- Hanome ako ny feo sy hevitry ny mponina any ifotony tena miaina mivantana sy hiharan'ny fangoronana tany
- Hanohanana ny tolona ataon'izy ireo amin'ny fiarovana ny taniny

Ny asa atrehina izao kosa dia ny hampita ny votoatin'ireo resaka nifanaovana ireo amin'ny Malagasy rehetra ahafantarany ny toe-javatra efa misy any amin'ny toerana sasany eto amin'ny firenena ka ahatonga ny tsirairay ho mailo sy hitandrina manoloana ny soso-kevitra samihafa, ary indrindra hiantso ireo fikambanana ireo raha vao misy heveriny fa tokony hifanakalozana na hakàna hevitra amin'ny lafiny samihafa manoloana ny orinasa sy ny solontenany mitondra tetikasa, mba ho fiarovana bebe kokoa ny zon'ny tantsaha Malagasy.

Misy manam-pahaizana momba ny fananantany sy ny lalàna mikasika ny tany ao amin'ny fikambanana SIF izay afaka handalo hanadihady sy hifanakalo hevitra aty an-toerana raha misy ilaina izany, rehefa avy nampita vaovao sy nametrapetraka momba ny toe-java-misy na tetikasa vaovao amin'ny solontena aty amin'ny faritra hianareo

Azonao hatao koa ny miantso mivantana ny SIF amin'ny nomerao tsy handoavam-bola :

Numéro vert : …..

## NY FIPETRAKY NY LALÀNA EO AMIN'NY FIAROVANA NY ZON'NY TANTSAHA MALAGASY AMIN'NY FAMPIASANY NY TANY MANOLOANA NY FAMPORISIHANA NY FAMATSIAM-BOLA AMIN'NY NY TANY BE VELARANA SY NY TSINDRY ARA-BAROTRA MAHAKASIKA NY TANY

Rehefa horesahananihina ny lalàna misy eto Madagasikara manokana, dia zavatra roa no azo asongadina :

1/ **Ny fananantany araka ny fomba Malagasy sy araky ny lalàna vaovao**

Ny toe-java misy dia ny tsy firaharahan'ny mpitondra Fanjakana ny zon'ny mponina sy tantsaha malagasy tsy nanoratra ny taniny ka tsy manana titra na karatany

Eo amin'ny fanantanterahana ny politikan'ny famantsiambola mifototra amin'ny fisarihana ny famatsiambola mivantana avy any ivelany dia ny tany fambolena sy kijanan'omby no tena hifantohan'ny fifampiraharahana hampanjariana izany, noho ny fiheverana fa betsaka ny velaran-tany eto Madagasikara mbola tsy voavoly, ka lazainy fa azo ampiasaina avy hatrany, satria vitsy ny isan'ny mponina na tsy ampy ny fanajariana ny tany. Misy Malagasy monina sy miasa avokoa anefa ny tany.

Ny lalàna vaovao nivoaka taminy taona 2005 dia miaro ny zon'ny mponina mampiasa sy mivelona amin'ny fomba maharitra sy voaporofo, eny amin'ny tanin'olontsotra tsy vita titra tantanan'ny kaominina, saingy matetika tsy voahaja ireo zo ireo satria mbola misy minia mihevitra fa an'ny fanjakàna avokoa ny tany rehetra.

Tsara ho fantatry ny olom-pirenena rehetra ireo lalàna vaovao ireo mba ahafahany miaro ny zony na oviana na oviana fotoana ilàna izany.

2/ **Manjary eken'ny lalàna ny fivarotana tany amin'ny vahiny**

Hatry ny tany fahagola dia voararan'ny fomba sy ny lalàna Malagasy ny mivarotra tany amin'ny vahiny. Nanomboka ny taona 2003 anefa dia manjary eken'ny lalàna Malagasy ny fivarotana tany amin'ny orinasa manana petrabola vahiny. Ary namorain'ny lalàna 2007-036 ny fahafahan'ny orinasa vahiny mahazo tany, ampian'ny rafitra EDBM (*Economic Development Board of Madagascar*) izay natsangana tamn'ny taona 2006 hanampy azy amin'izany. Ny fampanofana tany amin'ny fomba maharitra moa dia efa neken'ny lalàna Malagasy hatrizay.

RAHA MISY TOROHEVITRA ILAINAO momba ny fananantany na FANAMPIANA manoloana ny FANGORONAN-TANY na fifampiraharahana mahakasika izany,

dia aza misalasala miantso ireto olona sy fikambanana ireto

Monina aty amin'ny faritra : … ….. tel 03343xxxxxx

Fikambanana SIF : tel 03343xxxxxx

Fikambanana TANY :
imailaka : patrimoine.malgache@yahoo.fr

**Na amidy na ampanofaina ny tany dia very ny zon'ny mpamboly sy mpiompy malagasy** satria tsy afaka mampiasa ary tsy afaka mandeha eo amin'ny taniny intsony aza matetika ny mponina, na ny omby sy biby fiompy aza dia mahavoasazy raha mandia eo amin'ny fambolen'ny tetikasa. Ny ho enti-manana hamelomana ny fianankaviana manjary olana, ny lova avela ho an'ny taranaka fara mandimby tsy misy intsony.

## INDRAY MITOPI-MASO AMIN'IREO TETIKASA NOTSIDIHINA

Ireto ny santionan'ny fanambarana sy tenin'ireo Malagasy any amin'ny faritra samihafa namaly ny fanontaniana napetraka taminy.

**1/ Ny orinasa Tozzi Green** dia mamboly savoa (jatropha) any amin'ny faritra Ihorombe hatramin'ny taona 2009. 7 000 ha latsaka kely anatin'ny kaominina Satrokala sy Andiolava no efa ananany fifanekena an-tsoratra amin'ny fanjakana nosoniavina niaraka tamin'ny Praiministra lefitra miandraikitra ny Fanajariana ny Tany fa 100 000 hekitara no lazainy fa kasainy ho volena ato anatin'ny taona vitsivitsy. 30 taona ny fanofàna tany efa voasonia. Tsy nanontaniana ny hevitray hoy ireo mponina ao fa ny Ben'ny tanàna no nifanaiky taminy. Irinay mafy ny

hanajanonana io tetikasa io sy ny hialàn'ny orinasa teto satria manakana ny ombinay tsy afaka hiraoka ahitra sy manimba ny volivarinay ireo fambolena savoa. Mandoa sazy 40 000 ka hatraminy 80 000 Ariary izahay raha manitsaka ny voly savoa ny ombinay.

Ka noho izany dia maty ny tsenan'omby tao Satrokala. Ny mponina sy ny Ben'ny tanàna ao amin'ny kaominina Ambatolahy kosa nandà mafy tsy nahome tany io orinasa italiana ity satria efa nanome tany ny orinasa avy any Indy Landmark izy teo aloha ka nahalala sy niharan'io tsy fahafahan'ny omby mandeha io intsony rehefa namboly katsaka ity orinasa. Naongan'ny mponina ilay Ben'ny tanàna nanome tany ka tsy manaiky hanome tany orinasa ity Ben'ny tanàna vaovao ary manoratra tsy ankitsahatra any amin'ny mpitondra fanjakana ny mponina manamafy sy mamerimberina izay tsy fanekeny izany.

Ny fiompiana anefa no fotom-pivelomana sy ilaina amin'ny lafim-piainanay rehetra aty ka ho faty ny fiaraha-monina sy ny fiainana manontolo raha mitohy izao hoy izy ireo.

170 eo no mpiasa raikitra ampiasain'ity orinasa ity, 2 000 eo kosa no mahazo asa tselika rehefa misy. Heno fa mandroaka mpiasa i Tozzi Green izao ary hiova anton-draharaha, tsy mbola fantatra ny hataony ao aoriana.

**2/ Ny orinasa Delta Jatropha Madagascar** dia niforona tamin'ny taona 2007, vokatry ny fiaraha-miasan'ny orinasa italiana Delta Petroli sy ireo Mompera Capucins ao Antsohihy.

Ny tanjony dia hanatanteraka fambolena valavelona (jatropha), fanamboarana sy fanodinana ozina mamokatra akora fototra, fananganana toby fonenan'ny mpamboly, fanamboarana ny serana-tsambon'Ampasindava sy fanamboarana fantsona 3 km, fanavaozana ny làlana sy ny lalankely. Tamin'ny taona 2007, efa nampiditra mpiasa aman-jatony. Saingy tsy tsara tahaka ny nantenaina ny zava-nitranga.

Tamin'ny taona 2011 teo eo, dia tsy mbola vita sonia ny fanake-panofana ny tany tokony hiaro ny fananan-tany, Nisy koa tsy fahaiza-mitantana nahatonga ny orinasa tsy nahavita niaro ny fampiasam-bola, ka nahena ny haben'ny tetikasa ary volana vitsivitsy avy eo dia namela olona maro tsy an'asa, ary ny ankamaroan'izy ireo dia mbola nanana karama tsy voaloa efa amam-bolana.

Ankoatry ny fandroahana faobe, dia tsy nanaja ny zon'ny mpiasa izay mbola notazonina teo amin'ny asany ny orinasa. Ny mpiasa voaraoka dia tsy nandray ny fara-karamany. Tsy nahazo koa izy ireo ny certificat de travail-ny. Ary ny orinasa tsy nanao fampilazana mialohan'ny fandroahana. Tamin'ny Oktobra 2010, nisy solotenan'ny orinasa sy Malagasy roa na telo tsy fantatry ny olona tao an-tanàna, tonga mba hanadihady ny amin'ny zava-misy sy nandoa ny ampahan'ny karaman'ny mpiasa. Nampanantena izy ireo fa ho aloha ny ambi-karama aoriana kely. Fa herintaona taty aorina, tamin'ny Oktobra 2011, mbola tsy tanteraka izany fampanantenana izany.

Ny solotenan'ny fikambanan'ny tantsaha tao amin'ny faritra dia naneho ny alahelony ny mpamboly malagasy madinika izay tsy manana zo mitovy amin'ny mpamatsy vola vahiny eo imason'ny mpitondra fanjakàna.

**3/ Ny orinasa mitrandraka harena an-kibon'ny tany Ambatovy** dia fiaraha-miombon'antoka eo amin'ny orinasa kanadiana SHERRITT International, ny orinasa koreana antsimo KOREA RASOURCES Co ary ny orinasa japone SUMITOMO Co, ny foto-pisian'ireo orinasa ireo dia mifototra amin'ny fitrandrahana nikela sy kaobalta. Mivalapatra ao anatin'ny faritra roa ireo tobi-piasan'Ambatovy :

-Ireo toby fitrandrahana ao amin'ny fokontany Ampitambe, kaomina Ambohibary, distrikan'i Moramanga; velaran-tany midadasika mahatratra 7596 hekitara hofaina amin'ny fifanekem-panofana maharitra mandritra ny 50 taona,azo havaozina, nifanaovana tamin'ny Fanjakana Malagasy ny 03 marsa 2008

-Ireo toby misy ny toeram-panodinana kosa fanadiovana sy fanjariana ny akora, dia ao amin'ny fokontany Tanandava 11 kilometra ao atsimon'ny seranan'I Toamasina, mirefy tsy latsaky ny 320 hekitara

Ao anelanelan'ireo faritra roa ireo, no mikorisa ao anatin'ny fantsona vy mirefy 220 kilometatra ny nikela sy kobalta novolavolaina miendri-biriky.

Niteraka olana mavaivay teo amin'ny famatsiana rano ny mponina ny fametrahana ny fantsona vy sy ny fotodrafitr'asan'ity tetikasa ity : ny renirano Mangoro sy Ivando, renirano izay efa miharitra, ary mety ahitan-doza ; atahorana koa ny fitombon'ny fahalotoan'ny rano sy ny fitomboan'ny trondro maty ao amin'ny renirano Ranomainty sy Torotorofotsy izay tokony hamatsy rano fisotro ny tananan'i Toamasina.

Satria tsy nanana fahafahana ara-bola hanoratra amin'ny fomba ofisialy ny fananany ny tany ny mponina monina aty amin'ny faritra aty, dia voaraoka tao amin'ny tany izay niainany efa ampolo-taonany maro izy ireo. Nisy koa ny nafindra monina. Mandritra ny fotoana hanofany ny tany dia hanana ny zo rehetra amin'ny fampiasana ny tany ny orinasa ary rehefa mifarana ny fifanarahana dia haveriny amin'ny fanjakana ny tany.

Nahaheno ny manam-pahefana ao amin'ny kaominin' Ambohibary fa nanomboka nanondrana vokatra any ivelany ny orinasa saingy hatramin'izao dia tsy misy hetra avy amin'ny famokarana naloa taminy. Tsy mahita taratra mihintsy fihatraikany tsara avy amin'io tetikasa io eo amin'ny fiainan'ny mponina izahay, hoy izy ireo.

Ny tantsaha sasany, notohanan'ireo fikambanana sy komity any an-toerana dia nanomboka nitory ny orinasa, ary mitaky ny hanekeny mazava ho tompon'andraikitra amin'ny voina mianjady amin'ny mponina any an-toerana sy eo amin'ny tontolo ianan'izy ireo.

**4/ Mainland Mining dia orinasa malagasy sampan'ny China Geo Engineering Corporation** tonga teto Madagasikara tamin'ny taona 2006-2007, hitrandraka fasimainty sy zirconium ary nahazo alalana hanao fikarohana tamin'ny tany mirefy 2 tapitrisa hekitara mahery misandrahaka amn'ny 850 kilometatra manaraka ny morotsiraka atsinanan'i Madagasikara, mamakivaky faritra dimy : Analanjirofo, Atsinanana, Vatovavy Fitovinany, Atsimo Atsinanava, ary Anosy.

Mampiasa fomba hafa kely ity orinasa ity fa tsy mirona hijanona amin'ny tany hanaovany fitrandrahana ampolotaona maro : mamantatra toerana iray izy, mikaroka ao, mitrandraka ao, dia mifindra ain'ny toerana manaraka. Araky ny voalazan'ny olona mahafantatra tsara ny fandehan-javatra, dia, nandritry ny asa 16 volana, tamin'ny taona 2011 sy 2012 sahabo 100 000 taonina ny akora nisian'ny fandiovana voalohany notrandrahana tao amin'ny faritra Analanjirofo fotsiny.

Misy mpiasan'ny kaomina Ampasimangoro, izay iray amin'ireo toby iasan'ny tetikasa ao amin'ny distrikan'i Fenoarivo-Atsinanana, nanindry taminay ny olana lehibe manodidina ny resaka tamberina : "*Tsy tena manana fomba hanaraha-maso ny habetsahan'ny akora voatrandraka izahay, satria mandray fotsiny ny fanambarana mombany tarehimarika, ary tsy manana fomba hanamarinana izany. Mikasika ny tamberina, tsy voarainay mivantana avy any amin'ny orinasa izy io fa amin'ny alalan'ny Sampan-draharaha misahana ny Harena ankibon'ny Tany ao amin'ny Faritra, izay tokony hanome ny -60%-n'ny hetra avy amin'ny vokatra ho an'ny kaomina tsirairay. Kely lavitra noho izany anefa no voaray. Ankoatr'izay miisa 42 000 ny mponina ao amin'ny kaominina, nefa 40 no olona nampiasain'ny tetikasa, satria betsaka ny mpiasa avy any amin'ny toeran-kafa*".

Tsy namerina amin'ny laoniny ny toby niharan'ny asany sy tsy nanamboatra ny ampahan'ny làlana RN5 ampiasaina amin'ny fitaterana fasimainty mankany ain'ny Seranana araky ny tokony hataony ny orinasa. Mifandray amin'izany dia tsy nanaiky nanome alalana mikasika ny Tontolo iainana ho an'ny toby any Manakara ny Birao nasionaly misahana ny Tontolo Iainana, raha tsy milamina amin'ny fomba ara-dalàna ny raharaha ao Analanjirofo. Nandika ny lalàna mandrara ny fitrandrahana anatin'ny faritra 25 metatra miala amin'ny morotsiraka koa ity orinasa ity teo Fenoarivo-Atsinanana, ankoatran'ny izy nanomboka ny asa fitrandrahana tany Manakara, nefa vao alalana hikaroka no teo am-pelatanany. Nisy fihetsiketsehana nahery vaika tany Manakara taminy 27 desambra 2011, izay nisian'ny fandraisan'anjaran'olona 7 000 avy any Manakara sy ireo faritra ambanivohitra manodidina, izay nanainga sora-baventy fito manohitra ny fitrandrahan'i Mainland Mining fasimainty. Nanapa-kevitra ireo manam-pahefana fa hanao fitsapa-kevi-bahoaka : rehefa nanontany izy hoe iza no manohana ny fitrandrahana, dia tsy nisy olona nananga-tànana.

Araky ny nambaran'olona mahalala tsara ny fandehan-javatra izay namaly ny fanontaniana dia : *"Lazain-dry zareo fa tetikasa hitondra fampandrosoana io nefa tsy mitondra tombotsoa mivantana ho an'ny mponina eo amin'ny faritra"*.

Tsy mandoa hofan-tany amin'ny fanjakàna ity orinasa ity. *"Alalana momba ny tontolo iainana fotsiny no ilain'ny orinasa. Rehefa azo io, dia mitady ny olona tompon'ny tany na mipetraka eo amin'ilay tany izy, mifampiraharaha aminy momba ny onitra ary manohy ny asany. Nomen'ny orinasa onitra momba ny fahaverezan'ny voly ny olona fa tsy noho ny fahaverezan'ny tany, satria nilaza ny orinasa fa rehefa avy mampiasa ny tany izy dia ho averiny amin'ny laoniny ary ho averiny amin'ny Fanjakàna". Ny orinasa nampiasa ny tany mandritry ny fotona izay ilainy azy, ary tsy manana zo intsony eo amin'ny tany ny tompony (na ny olona nampiasa azy).*

5/ **Ny orinasa Bionexx** dia mamboly artemizia, zava-maniry haondrana any ivelany hanaovana odi-tazo, ary manofa ny tany zay nomen'ny fanjakàna Malagasy ny Lybiana tamin'ny taona 1983 ao Faharetana, akaikin'Imerintsiatosika, faritra Itasy. 650 hekitara ny tany nofainy ao ankoatry ny tany midadasika hafa efa voleny any amin'ny faritra hafa. Ny 240 hekitara amin'ireo anefa dia tany fambolen'ny mponina tao efa ho zato taona mahery. Vao izao no nisy nangataka ny fialàn'ireo tantsaha na dia maro aza ny olona sy orinasa tompon'ny titra nifandimby teo. Raha nanohitra ny fandroahana azy ny mponina dia tonga ny herim-pamoretana nanery sy nisambotra ny sasany tamin'izy ireo taminy 2011 ary mbola niverina indray taminy 2012. Mbola eo am-pitadiavana vahaolana ny Lybiana sy Bionexx amin'ny andaniny ary ny tantsaha ampian'ny fikambanana SIF amin'ny ankilany. Nanomboka namafy voly teo amin'ny tany hifanolanana ny tantsaha tamin'ity taona ity, saingy mailo hatrany satria manandrana fomba samihafa hanalàna azy ny orinasa ary mitohy ny raharaha amin'ny fitsaràna satria nampidirina any amin'ny raharaha "correctionnelle" ity olana momba ny tany ity.

6/ **Ny orinasa QMM-Rio Tinto** ao Tolagnaro faritra Anosy no fitrandrahana fasimainty efa ela indrindra eto Madagasikara. Tany 6 000 hekitara eo no voakasik'izany. Tsy notsidihin'ny mpiara-miasa Re-common, SIF, TANY toy ireo tetikasa hafa tamin'ny volana marsa-avrily 2013 izy ity fa fikambanana hafa kosa no efa nanangona ny feo sy filazan'ny mponina tany tamin'ny taona 2009 sy 2013 ka nanome alalana ny hamoahana azy tao amin'ny tatitra.

Nifanaraka tamin'ny fanjakana malagasy ny orinasa ka nesorina tamin'ny taniny ny mponina. Rehefa nasaina nisafidy ny olona hoe vola sa tany no omena azy ho onitra, dia maro no nisafidy ny vola satria tsy lonaka toy ny tany hialàny ny toerana naseho azy. Vetivety anefa dia nanenina satria tsy nifanandrify tamin'izay noheverina fa vidin'ny tany ny onitra voaray. Vetivety koa dia lany ny vola satria be ny nampiasàna azy, saingy tsy manana tany hambolena sy hamokarana sakafo intsony toy ny teo aloha. Ny ala, izay toerana fahitan'ny mponina toerana ho volena na zava-maniry hitsaboana ny marary na fiotazana manampy hanaovana taozavatra dia tsy azo hidirana intsony fa lasan'ny orinasa. Ny vola avy amin'ny mpizaha-tany tonga mijery ny biby sy zava-maniry anaty ala dia tsy azon'ny mponina raisina intsony. Maro ny fiantraikan'ny asa fitrandrahana fasimainty amin'ny fahasimban'ny rano sy ny rivotra ary ny tontolo iainana. Ary lasa seranana lehibe tsy azon'ny mponina hidirana ny ao Ehoala sy ny manodidina izay toerana fanjonoana sy fambolena nahavelona tsara teo aloha. Mitohy hatramin'izao ny fitakiana samihafa momba ny onitra amin'ny tany, mitaky ny hanomezana asa azy ireo mponina ao an-toerana, mihena dia mihena ny fari-piainan'ny ankamaroan'ny fianankaviana ao Tolagnaro sy ny manodidina ka nihenjana ny olana eo amin'ny tantsaha sy mpanjono amin'ny andaniny, ny orinasa sy ny manam-pahefana amin'ny ankilany. Nosamborina sy naiditra am-ponja vonjimaika nandritry ny 3 herinandro ny mpikambana sy mpiandraikitra ny fikambanana Fagnomba tamin'ny volana marsa 2013. Navoaka izy ireo noho ny tsy nahitan'ny fitsaràna porofo mazava momba ny antony nitoriana azy. Mbola mitohy ny fiatrehana ny fitsaràna satria maromaro ireo voalaza fa antony itorian'ny orinasa sy ny manam-pahefana ireo mponina mitaky ny zony. Manohana sy manara-maso kosa ny mpanohana ny tolona ataon'izy ireo ho an'ny fiarovana ny taniny.

**FEHINY**

Mitombo ny hasarobidin'ny tany eo amin'ny ekonomia eran-tany. Koa fihino sy arovy ny taninao hitohy hamelona anao sy ho lovain'ny taranakao.

Mifaninana mivantana amin'ny tantsaha sy fokonolona any ifotony ny orinasa goavana tonga hampiasa vola eto Madagasikara. Koa samia mailo sy miara-miasa hiarovana ny zo manoloana ny hery tsy mitovy.

Sarobidy ho an'ny firenena ny tantsaha sy mpamboly ary ny mpiompy sy mpanjono fa antoky ny fahavitan-tena ara-sakafo eo amin'ny firenena ka manohana azy ny Malagasy mpiray tanindrazana na eto an-toerana na any am-pitan-dranomasina.